## « Marathon international de Tana »

# Telo minitra no nandaozan' i Sammy Tibet an' i Haja



**Mbola mafy ny Kenyana amin'ny marathon. (Sary : Yvon RAM)**

Mbola saroratra ho an'ny atletantsika ny handresy ny tompondaka eran-tany amin'ny hazakazaka lavitra ezaka. Tao anatin'ny adiny 2 ora sy 25 mn sy 24 segondra no nandresen'ilay kenyana Sammy Kibet Kipkorir an'ireo atleta malagasy 159 mianadahy omaly, nandritra ny andiany faha-14 amin'ny "Marathon International de Tana 2014". Raha tonga nandray anjara tamin'ny fifaninanana ilay rahalahiny David Kipserem Kisang, dia mety mbola ho tsara noho izao ny zava-bitany. Vao niala ny fitsipiky ny "Départ" izy dia efa nandeha irery fa tsy nisy nanelingelina mihitsy teny ampandehanana. Telo minitra tany aorianany vao nigadona teo amin'ny "Arrivée" i Hajanirina Andriamparany (COSFA – Analamanga), izay naneho ny alahelony fa raha nisy hoy izy ny "motivation" natao taminy dia mety ho tsara noho izao ny vokatra azony. Nanteriny ihany koa fa tsy ampy ny "jeux d'équipe" amin'ny atleta Malagasy, fa samy maka ho azy. Araka izany dia niady irery ny lehilahy nanenjika an'i Kipkorir, izay efa nahavita ny halaviran-dàlana 42, 195 km tany Warszawa (Varsovie) tao anatin'ny 2 ora 08 mn 17 seg tamin'ny 25 septambra 2011 ary milaza ny fahavononany handray anjara amin'ny andiany faha-15 amin'ny taona ho avy. Tsy nataon'i Hajanirina nahakivy azy ity fifaninanana ity, fa tafiditra ao anatin'ny fandraisany anjara amin'ny hazakazaka lavitra ezaka any La Réunion amin'ny 9 novambra 2014. Tafiditra tao amin'ny laharana faha-3 kosa indray i Jean de La Croix (CROWN – Vakinankaratra), izay nifampitady tamin'i Hajanirina. Tao anatin'ny adiny 2 ora sy 30 mn ary 49 segondra no nahavitan'i Jean de La Coirx ny M.I.T 2014. Teo amin'ny Andriambavilanitra kosa indray dia voalohany i Marinah Ramanantenasoa (CNAPS : 3 ora 21 mn 27 seg), faharoa kosa Ratinarisoa Landinirina (COSPN: 3 ora 27 mn 39 seg), ary fahatelo I Elysée Razafimahatratra (Non licencié : 3 ora 3" mn 20 seg). Soritana fa tsy nandray anjara tamin'ny fifaninanana i Clarisse Rasoarizay, na dia efa nampanantena aza fa anisan'ny mpifaninana. Teo amin'ny "Handi-run (5 km)" Lahy sy Vavy kosa indray dia tahaka izao ny filaharana : 1°/ Rakotomahefa Jean Claude (L) / Rakotoniaina Lovasoa (V) - 2°/ Malakia Ananiany Willy (L) / Vololonirina Landinirina (V) - 3°/ Ramahandry Samuel (L) / Ravololomboahangy Landinirina (V) ; "Foulées de Tana (5 km)" : 1°/ Randimbisolo Jean William (L) / Jaoriziky Sandrine (V) – 2°/ Randriamalala Gabriel (L) / Ramampiandra Safidy (V) – 3°/ Andrianantenaina Haja (L) / Razandainoana Mariah (V). Nozaraina omaly koa ny medaly (volamena / volafotsy / alimo) ho an'ny atleta telo voalohany tamin'ny fiadiana ny Tompondakan'i Madagasikara 2014 lahy sy vavy : Lehilahy: 1°/ Hajanirina Andriamparany (COSQFA) – 2°/ Rakotomlalala Jean de La Croix (CROWN) – Zafinaka (COSPN / 2 ora 30 mn 42 seg) ; Vehivavy / 1°/ Marinah Ramanantenasoa (CNAPS) – 2°/ Ratinarisoa Landinirina (COSPN) – 3°/ Ravelo Jocelyne Hantamalala (COSFA : 3 ora 47 mn 47 seg) ; "Vétéran Homme / Non Licencié" : 1°/ Rafaralahisolo (3 ora 01 mn 52 seg) – 2°/ Razanakoto Gilbert (3 ora 04 mn 41 seg) – 3°/ Soja M. (3 ora 09 mn 42 seg) ; "Senior Homme / Non Licencié" : 1°/ Andrianirina Ezaka (3 ora 2 mn 29 seg) – 2°/ Botosoa Manampy (3 ora 3 mn 52 seg) – 3°/ Rakotozafy Jean Welson (3 ora 3 mn 52 seg) ; "Senior Dame / Non Licencié" : 1°/ Razafimahatratra Elysée – 2°/ Anajara.

Gazetiko 27/10/14